**PERIKOPA ALAHADY 07 Jiona 2026**
**(Péricope du Dimanche 07 Juin 2026**

**Salamo / Psaume 147**
**Hosea / Osée 6 : 3 - 6**
**Romana / Romains 4 : 18 - 25**
**Matio / Matthieu 9 : 9 - 13**

**« Fa mandehana ka mianara izay hevitry ny teny hoe:**
**«Famindrampo no sitrako fa tsy fanatitra alatsa-dra» (Hos 6.6);**
**fa tsy tonga hiantso ny marina Aho fa ny mpanota.»**
*«Allez donc apprendre le sens de cette phrase des Livres Saints :*
*"Je désire l'amour, et non les sacrifices d'animaux."*
*En effet, je ne suis pas venu appeler ceux qui se croient justes,*
*mais ceux qui se reconnaissent pécheurs. »*
**Matio / Mattieu 9.13**

## Salamo 147 (MRV)

1 Haleloia, fa tsara ny mihira ho an'Andriamanitsika; eny, mamy sady mendrika ny fiderana.
2 Manangana an'i Jerosalema NY TOMPO; mamory ny Israely voaroaka Izy.
3 Manasitrana ny torotoro fo Izy ary mamehy ny feriny.
4 Milaza ny isan'ny kintana Izy; samy tononiny amin'ny anarany avy ireny rehetra ireny.
5 Lehibe ny Tompontsika sady be hery; tsy hita lany ny fahalalany.
6 Manohana ny mpandefitra NY TOMPO, fa mampietry ny ratsy fanahy hatrany amin'ny tany.
7 Mihirà fiderana ho an'NY TOMPO; mankalazà an'Andriamanitsika amin'ny lokanga.
8 Izy no manaron-drahona ny lanitra, Izy no manamboatra ranonorana ho amin'ny tany, Izy no mampaniry ahitra ny tendrombohitra,
9 Izy no manome hanina ho an'ny biby sy ho an'ny zana-goaika izay mitaraina.
10 Tsy ny herin'ny soavaly no mahafinaritra Azy ary tsy ny ranjon'ny lehilahy no ankasitrahany.
11 Mankasitraka izay matahotra Azy NY TOMPO, dia izay manantena ny famindrampony.
12 Mankalazà NY TOMPO, ry Jerosalema ô ! Miderà an'Andriamanitrao, ry Ziona ô.
13 Fa manamafy ny hidim-bavahadinao Izy sady mitahy ny zanakao eo ampofoanao.
14 Mahatonga ny faritaninao handry fahalemana Izy; vokisany vary tsara indrindra ianao.
15 Mampandeha ny didiny ho amin'ny tany Izy; miely haingana be ny teniny.
16 Mandatsaka orampanala tahaka ny volon'ondry Izy; mampiely fanala tahaka ny lavenona Izy.
17 Mandatsaka ny havandrany tahaka ny sombintsombin-javatra Izy; iza no maharitra ny hatsiakany?
18 Mamoaka ny teniny Izy ka mampiempo ireny; mampifofofofo ny rivony Izy dia mandriaka ny rano.
19 Manambara ny teniny amin'i Jakoba Izy ary ny didiny sy ny fitsipiny amin'ny Israely.
20 Tsy nanao toy izany tamin'izay firenena hafa Izy ary ny fitsipiny dia tsy mba fantatr'ireny. Haleloia.

## Psaume 147 (PDV)

*1 Chantez la louange du Seigneur ! C'est une bonne chose de chanter notre Dieu, oui, c'est agréable de chanter sa louange !*
*2 Le Seigneur reconstruit Jérusalem, il rassemble les exilés d'Israël.*
*3 Il guérit ceux qui ont le cœur brisé et il soigne leurs blessures.*
*4 Il compte toutes les étoiles, il appelle chacune par son nom.*
*5 Notre Seigneur est grand et très puissant, son intelligence n'a pas de limite.*
*6 Le Seigneur relève les malheureux, mais il abaisse jusqu'à terre les gens mauvais.*
*7 Remerciez le Seigneur en chantant, jouez pour notre Dieu sur la cithare !*
*8 C'est lui qui couvre le ciel de nuages, il prépare la pluie pour la terre, il fait pousser l'herbe sur les montagnes.*
*9 Il donne leur nourriture aux troupeaux et aux petits du corbeau qui la réclament.*
*10 Ce n'est pas la force du cheval qui lui plaît, ni les exploits du coureur.*
*11 Mais les gens qui le respectent, qui comptent sur son amour, voilà ceux qui lui plaisent.*
*12 Jérusalem, chante la gloire du Seigneur ! Ville de Sion, chante la louange de ton Dieu !*

*13 Il a rendu solides les serrures de tes portes. À l'intérieur de tes murs, il a fait du bien à tes habitants.*
*14 Il protège tes frontières, et tu peux vivre dans la paix. Il te donne les meilleures récoltes.*
*15 Le Seigneur envoie ses ordres sur la terre, et sa parole court aussitôt.*
*16 Alors il fait tomber la neige, comme le coton au moment de la récolte. Il répand le givre comme de la cendre.*
*17 Il fait pleuvoir des cailloux de glace. Devant ce froid, qui peut résister ?*
*18 Le Seigneur donne un ordre, et aussitôt ils fondent. Quand il envoie le vent, les ruisseaux coulent.*
*19 Il découvre ses paroles à son peuple, ses ordres et ses décisions à Israël.*
*20 Cela, il ne l'a jamais fait pour les autres peuples, ils ne connaissent pas ses décisions. Chantez la louange du Seigneur !*

**HOSEA 6 : 3 - 6 (MRV)**

3 Dia aoka hahalala isika; eny, aoka hiezaka hahalala NY TOMPO. Mahatoky toy ny maraina ny fiposahany, fa ho avy amintsika toy ny ranonorana mivatravatra Izy ary toy ny faraorana mahavonto ny tany.
4 Inona re no ho azoko atao aminao, ry Efraima ? Inona re no ho azoko atao aminao, ry Joda ? Fa toy ny rahona amin'ny maraina ny fitiavanareo, tahaka ny ando izay levona raha vao maraina.
5 Noho izany no nitondrako ny mpaminany hamely azy; ny tenin'ny vavako no nentiko namono azy ary ny fitsarana anao dia hiposaka toy ny mazava
6 satria famindrampo no sitrako fa tsy fanatitra alatsa-dra ary fahalalana an'Andriamanitra noho ny fanatitra dorana manontolo.

**OSEE 6 : 3 - 6 (PDV)**

*3 Alors reconnaissons le Seigneur comme Dieu. Cherchons vraiment à le connaître. Sa venue est sûre comme la venue du matin. Il viendra à nous comme la pluie, comme la dernière pluie de la saison qui arrose la terre. »*
*4 Le Seigneur vous répond : « Que faire pour toi, Éfraïm ? et pour toi, Juda ? Votre amour pour moi est comme le nuage du matin, comme les gouttes d'eau de la nuit qui disparaissent aussitôt.*
*5 C'est pourquoi je vous ai combattus, en vous envoyant des prophètes, j'ai prononcé contre vous des menaces de mort. Mon jugement jaillit comme la lumière.*
*6 Oui, je désire l'amour et non les sacrifices d'animaux. Je veux qu'on me reconnaisse comme Dieu plutôt que de brûler des animaux sur l'autel. »*

**ROMANA 4 : 18 - 25 (MRV)**

18 Na dia efa tsy nisy nanantenana aza dia nanantena ihany izy ka nino, mba ho tonga rain'ny firenena maro; araka ny voalaza hoe: «Ho tahaka izany ny taranakao» (Gen 15.5).
19 Tsy mba nalemy finoana izy na dia nihevitra ny tenany ho efa toy ny maty aza, satria efa tokony ho zato taona izy, toy izany koa ny fahafatesan'ny kibon'i Saraha.
20 Tsy nisalasala tamin'ny tsy finoana ny amin'ny teny fikasan'Andriamanitra izy fa nampaherezin'ny finoana ka nanome voninahitra an'Andriamanitra
21 sady natoky tanteraka fa izay nolazainy dia hainy hatao tokoa.
22 Dia nisaina ho fahamarinany izany.
23 Nefa tsy ho azy ihany no nanoratana hoe: Nisaina ho azy izany,
24 fa ho antsika izay hanisana izany koa, dia isika izay mino Ilay nanangana an'i Jesosy Tompontsika tamin'ny maty,
25 Izay natolotra noho ny fahadisoantsika ary natsangana indray ho fanamarinana antsika.

**ROMAINS 4 : 18 - 25 (PDV)**

*18 Il n'y avait plus d'espoir, et pourtant Abraham a espéré. Il a cru en Dieu et pour cela, il est devenu « le père de beaucoup de peuples ». Les Livres Saints le disent : « Ceux qui vont naître de toi seront très nombreux. »*
*19 La foi d'Abraham est restée solide, pourtant il avait à peu près 100 ans. Et il le savait : son corps était déjà comme mort et Sara ne pouvait pas avoir d'enfant.*
*20 Devant la promesse de Dieu, il n'a pas manqué de confiance. Au contraire, sa foi l'a rempli de force, et il a rendu gloire à Dieu.*
*21 Il était sûr d'une chose : ce que Dieu a promis, il est assez puissant pour le faire.*
*22 C'est pourquoi Dieu a reconnu Abraham comme juste.*

*23 Quand les Livres Saints disent : « Dieu l'a reconnu comme juste », ces paroles ne sont pas pour Abraham seulement.*
*24 Elles sont aussi pour nous, et Dieu tiendra compte de notre foi. En effet, nous croyons en lui, qui a réveillé Jésus notre Seigneur de la mort.*
*25 Jésus a été livré à cause de nos fautes, mais Dieu l'a réveillé de la mort pour nous rendre justes.*

**MATIO 9 : 9 - 13 (MRV)**

**Ny sakafo niarahana tamin'ireo mpanota**

9 Nony niala teo Jesosy dia nahita lehilahy iray antsoina hoe Matio nipetraka teo am-pamorian-ketra ka hoy Izy taminy: Andeha hanaraka Ahy. Dia nitsangana i Matio ka nanaraka Azy.
10 Ary raha nipetraka nisakafo tao an-trano Izy dia indreo, nisy mpanota sy mpamory hetra maro tonga ka niara-nipetraka tamin'i Jesosy mbamin'ny mpianany.
11 Raha nahita izany ny Fariseo dia niteny tamin'ny mpianatra hoe: Nahoana kosa ny Mpampianatra anareo no miara-komana amin'ny mpamory hetra sy ny mpanota?
12 Nony nahare izany Jesosy dia niteny hoe: Tsy ny salama no mila mpitsabo fa ny marary.
13 Fa mandehana ka mianara izay hevitry ny teny hoe: «Famindrampo no sitrako fa tsy fanatitra alatsa-dra» (Hos 6.6); fa tsy tonga hiantso ny marina Aho fa ny mpanota.

**MATTIEU 9 : 9 - 13 (PDV)**

***Jésus appelle Matthieu à le suivre***

*9 Jésus s'en va. En passant, il voit un homme appelé Matthieu assis au bureau des impôts. Jésus lui dit : « Suis-moi ! » Matthieu se lève et il suit Jésus.*
*10 Ensuite, Jésus prend un repas dans la maison de Matthieu. Beaucoup d'employés des impôts et de pécheurs viennent manger avec Jésus et ses disciples.*
*11 En voyant cela, les Pharisiens disent aux disciples de Jésus : « Votre maître mange avec les employés des impôts et avec les pécheurs. Pourquoi donc ? »*
*12 Jésus les a entendus et il dit : « Les gens en bonne santé n'ont pas besoin de médecin. Ce sont les malades qui en ont besoin.*
*13 Allez donc apprendre le sens de cette phrase des Livres Saints : "Je désire l'amour, et non les sacrifices d'animaux." En effet, je ne suis pas venu appeler ceux qui se croient justes, mais ceux qui se reconnaissent pécheurs. »*